# Le Seigneur hâte son œuvre

Par Quentin L. Cook
*du Collège des douze apôtres*

# Manafaingana ny asany ny Tompo

Nataon'ny Loholona Quentin L. Cook
*Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo*

Conférence générale d'octobre 2025

*Tandis que le Seigneur hâte son œuvre, nous devons aimer, nourrir et servir les personnes qui acceptent son Évangile.*

*Eo am-panafainganan'ny Tompo ny asany, dia tokony hitia sy hikolokolo ary hanompo ireo izay manaiky ny filazantsarany isika.*

Charles Dickens a commencé son roman bien connu,Un conte de deux villes, par l'affirmation suivante : « C'était la meilleure des époques ; c'était la pire des époques. » Dans un sens, cela décrit bien notre époque.

Nalaza tokoa fa i Charles Dickens dia nanomboka ilay bokiny hoeLe Conte de deux cités (Ny tantaran'ireo tanàna roa)tamin'ny fanambarana fa "sady fotoana tsara indrindra ireny no fotoana ratsy indrindra".Amin'ny lafiny iray dia marina izany amin'izao androntsika izao.

Nous vivons à une époque troublée où « toute la terre [est] en tumulte». L'avertissement du président Nelson aux disciples de Jésus-Christ d'être des artisans de paix a été merveilleusement souligné ce matin par Gary Stevenson. C'est une chose essentielle pour encourager l'unité, la paix et la guérison pour « la pire des époques ».

Miaina ao anatin'ny fotoana mihotakotaka isika ka "ao anaty korontana ny tany manontolo". Ny fiangavian'ny Filoha Russell M. Nelson mba ho mpampihavana, amin'ny maha mpanaradia an'i Jesoa Kristy, dia nohamafisin'ny Loholona Gary E. Stevenson tsara anio maraina.Ampahany tena manan-danja amin'ny fananana firaisan-kina sy fiadanana ary fahasitranana amin'ny "fotoana ratsy indrindra" izany.

Je dois également souligner que nous vivons aussi à la « meilleure des époques ». Comme le Seigneur l'a déclaré dans la préface desDoctrine et Alliances, la section 1, la plénitude de l'Évangile sera « proclamée […] jusqu'aux extrémités du monde». Le Seigneur hâte véritablement son œuvre à notre époque. Nous devrions être profondément reconnaissants de cette accélération qui a commencé et continue en dépit de ces temps difficiles. Nous vivons à une époque où les disciples du Seigneur ont la bénédiction d'entendre sa voix, et de répondre avec un cœur et un esprit ouverts. Les membres de l'Église de Jésus-Christ des Saints des Derniers Jours qui sont engagés envers le Sauveur et ses commandements trouvent un but et une paix personnelle profonde.

Miaina ao anatin'ny "fotoana tsara indrindra" ihany koa isika, ary izany no hohamafisiko. Nanambara ny Tompo tao amin'ny teny fanolorana nyFotopampianarana sy Fanekempihavanana, fizarana 1, fa ny fahafenoan'ny filazantsara dia "ambara … hatrany amin'ny faran'izao tontolo izao".Tena manafaingana ny asany marina tokoa ny Tompo amin'izao androntsika izao.Tokony ho feno fankasitrahana lalina isika noho ilay fanafainganana, izay nitranga sy mitranga na eo aza ireo fotoan-tsarotra ireo. Miaina amin'ny andro izay hahazoan'ny mpanaradia ny Tompo fahafahana mandre ny teniny sy mamaly amin'ny fo sy fanahy misokatra isika. Mahita tanjona sy fiadanana lalina an'ny tena manokana ireo mpikamban' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany, izay manolo-tena ho an'ny Mpamonjy sy ireo didiny.

À différents moments de son histoire, l'Église a connu une augmentation importante du nombre de personnes qui sont entrées sur le chemin des alliances. L'une de ces périodes a eu lieu entre 1837 et 1850. Certains des premiers apôtres de l'Église rétablie du Seigneur firent une mission au Royaume-Uni. Grâce à ces missions, des milliers de personnes se joignirent à l'Église et, en 1850, l'Église comptait plus de membres au Royaume-Uni qu'aux États-Unis. À cette époque, le Seigneur commanda à ces saints de se rassembler en Utah. Ils émigrèrent en grand nombre. Certains d'entre eux étaient soutenus par des prêts octroyés par le fonds perpétuel d'émigration.

J'aime beaucoup le récit de l'arrivée dans la vallée du lac Salé d'un grand nombre de convertis venus d'Angleterre et du Pays de Galles en 1852. Ce groupe fut accueilli à l'entrée d'Emigration Canyon par la Première Présidence, accompagnée de la fanfare du capitaine Pitt. LeDeseret Newsles décrivit comme « un groupe de pèlerins [comprenant] des sœurs et des enfants, marchant, brûlés par le soleil et battus par les intempéries, mais pas désespérés ; ils avaient le cœur léger et plein d'entrain, ce qui se manifestait clairement sur leurs visages heureux et joyeux ».

Lorsqu'ils « passèrent devant le quartier du temple […] des milliers d'hommes, de femmes et d'enfants de divers endroits de la ville s'étaient rassemblés pour participer à leur accueil glorieux et joyeux ». Brigham Young leur adressa ces paroles : « Que l'Éternel, le Dieu d'Israël, vous bénisse. […] Nous avons continuellement prié pour vous. Des milliers de prières ont été offertes pour vous, jour après jour, à celui qui nous a ordonné de rassembler Israël, de sauver les enfants des hommes par la prédication de l'Évangile et de les préparer à la venue du Messie. »

Dans l'esprit de ces réjouissances, je veux à nouveau exprimer cette assurance à tous les nouveaux convertis et aux personnes qui reviennent à l'Église du Seigneur : nous vous aimons ; nous avons besoin de vous ; le Seigneur a besoin de vous. Nous ne vous accueillions peut-être pas en fanfare, mais nous prions pour que les bénédictions des cieux accompagnent vos efforts pour progresser sur le chemin des alliances qui mène

Tamin'ireo fotoana samihafa teo amin'ny tantaran'ny Fiangonana dia nisy fitomboana goavana teo amin'ireo izay niditra teo amin'ny lalan'ny fanekempihavanana.Nitranga ny fotoana toa izany teo anelanelan'ny 1837 sy 1850. Nanompo tany Royaume Uni ny Apôstôly voalohany sasantsasany tao amin'ny Fiangonan'ny Tompo naverina tamin'ny laoniny.Niteraka fidiran'olona an'arivony ho mpikamban'ny Fiangonana ireo asa fitoriana ireo, ary tamin'ny 1850 dia nisy mpikamban'ny Fiangonana maro kokoa nipetraka tao Royaume-Uni noho ny tany Etazonia. Tamin'io fotoana io dia nodidian'ny Tompo ireo Olomasina ireo hivondrona any Utah.Nisy fifindra-monina goavana nitranga, ny sasany notohanan'ny fampindramam-bola natolotry ny Vatsim-bola ho an'ny Fifindra-monina Iombonana.

Tiako ny tantaran'ny fahatongavan'ny andiana mpikambana vaovao marobe avy tany Angletera sy Pays de Galles tao amin'ny Lohasahan'i Salt Lake tamin'ny 1852. Nihaona tamin'ny Fiadidiana Voalohany teo am-bavan'ny Emigration Canyon ilay vondrona niaraka tamin'ny Tariky ny Kapiteny Pitt. Nofariparitan'nyDeseret Newsizy ireo ho toa ny "vondron'ny mpanao fivahinianana masina [nahitana] rahavavy sy ankizy, nandeha an-tongotra, main'ny masoandro, ary torovan'ny toetr'andro, nefa tsy kivy; maivana sy falifaly ny fon'izy ireo, izay hita niharihary tamin'ny endrika falifaly sy mirana".

Rehefa "namakivaky ny tokotanin'ny tempoly izy ireo, … ary lehilahy sy vehivavy ary ankizy an'arivony no nivory, avy amin'ny faritra samihafa tao an-tanàna, mba hiray hina amin'ilay fandraisana feno voninahitra sy fifaliana". Hoy ny Filoha Brigham Young tamin'izy ireo: "Ny Tompo Andriamanitr' Isiraely anie hitahy anareo. … Efa nivavaka ho anareo mandrakariva izahay; vavaka an'arivony no efa natolotra ho anareo isan'andro, ho an' Ilay izay nandidy antsika hanangona an'i Isiraely, hamonjy ny zanak'olombelona amin'ny alalan'ny fitoriana ny filazantsara ary hanomana azy ireo amin'ny fiavian'ny Mesia".

Ao anatin'ny fanahin'izany fotoana mahafaly izany dia avelao aho hanome toky indray ireo olona vao niova fo rehetra sy ireo miverina ato amin'ny Fiangonan'ny Tompo hoe: Tia anareo izahay; mila anareo izahay; mila anareo ny Tompo. Mety tsy nandray anareo tamin-dobodobok'amponga sy matso lehibe izahay, kanefa angatahinay ny fitahian'ny lanitra mba hiaraka amin'ny ezaka ataonareo handrosoana eo amin'ny

à Dieu le Père et à Jésus-Christ dans le royaume céleste.

Il y a des preuves évidentes que la foi en Jésus-Christ augmente à notre époque. L'Église de Jésus-Christ des Saints des Derniers Jours connaît une augmentation remarquable des conversions. Au cours des trente-six derniers mois, près de 900 000 convertis se sont joints à l'Église. Ces convertis représentent environ cinq pour cent de la population totale de l'Église. Vous qui êtes nouveaux membres, nous vous accueillons à bras ouverts et vous sommes profondément reconnaissants du chemin que vous avez choisi.

Ces 900 000 convertis des trente-six derniers mois dépassent le nombre total de membres de l'Église à son cent dixième anniversaire en 1940, qui était d'un peu plus de 860 000 membres. C'est l'année où Jeffrey Holland, Dieter Uchtdorf et moi-même sommes nés.

Ces merveilleux nouveaux convertis viennent des quatre coins du monde. Au cours du premier semestre 2025, les conversions ont augmenté de plus de vingt pour cent par rapport à l'année précédente en Europe, en Afrique, en Asie, en Océanie et en Amérique latine. Aux États-Unis, nous avons constaté une augmentation de dix-sept pour cent. L'œuvre du Seigneur continue d'avancer avec puissance. Ces chiffres croissants sont un témoignage clair que l'Évangile touche les cœurs et change des vies partout.

À notre époque, ces précieux convertis ne se rassemblent plus en un lieu central. Grâce à la foi et à la consécration de ses membres, l'Église dispose de ressources pour soutenir les assemblées, par la construction d'églises et de temples dans le monde entier. Grâce aux clés de la prêtrise requiseset aux moyens fournis, les ordonnances salvatrices sont maintenant disponibles dans la plupart des régions du monde.

En tant que membres, quel que soit l'endroit où nous vivons, nous devons accueillir des centaines de milliers de nouveaux membres, comme nous l'avons fait dans les premiers temps de

lalan'ny fanekempihavanana izay mitondra any amin' Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy any amin'ny fanjakana selestialy.

Misy porofo mazava fa mitombo ny finoana an'i Jesoa Kristy amin'izao androntsika izao. Ato amin' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia nisy fitomboana niavaka teo amin'ireo olona niova fo sy ny fandraisana anjaran'izy ireo.Tao anatin'ny 36 volana lasa izay dia efa ho 900.000 ireo niova fo lasa mpikamban'ny Fiangonana. Manodidina ny 5 isan-jaton'ny fitambaran'ny mpikamban'ny Fiangonana manontolo ireo olona niova fo ireo. Miarahaba ireo mpikambana vaovao amin'ny sandry misokatra sy fankasitrahana lalina ny lalana nofidinareo izahay.

Ireo olona niova fo 900.000 tao anatin'ny 36 volana farany ireo dia mihoatra ny fitambaran'ny isan'ny mpikamban'ny Fiangonana tamin'ny faha-110 taonany tamin'ny 1940, izay mihoatra kelin'ny 860.000 ny isan'ireo mpikambana.Io no taona nahaterahan'ny Loholona Jeffrey R. Holland sy ny Loholona Dieter F. Uchtdorf ary ny tenako.

Avy amin'ny faritra rehetra amin'izao tontolo izao ireo olona niova fo mahafinaritra ireo. Tao anatin'ny enim-bolana voalohany tamin'ity taona ity, dia nitombo mihoatra ny 20 isan-jato ny fiovam-po tany Eoropa, Afrika, Azia, Pasifika, ary Amerika Latina raha oharina amin'ny taon-dasa. Eto Amerika avaratra dia nahita fitomboana 17 isan-jato isika.Mitohy mandroso amin'ny fomba mahery vaika ny asan'ny Tompo. Ireo fitomboana an'isa ireo dia vavolombelona mazava fa mikasika fo sy manova fiainana na aiza na aiza ny filazantsara.

Amin'izao androntsika izao, dia tsy miangona eo amin'ny ivontoerana tokana intsony ireo olona niova fo sarobidy ireo.Noho ny finoana sy ny fanokanan-tena ataon'ny mpikamban'ny Fiangonana, dia misy loharanom-panampiana sy fitaovana hanohanana ireo fiangonana, miaraka amin'ny fanorenana trano fiangonana sy tempoly, manerana an'izao tontolo izao. Miaraka amin'ireo fanalahidin'ny fisoronana ilainasy ireo loharanom-panampiana sy fitaovana atolotra, dia azo tanterahina saika maneran-tany ireo ôrdônansin'ny famonjena amin'izao fotoana izao.

Na aiza na aiza misy antsika dia mila mandray mpikambana vaovao an'hetsiny ireo mpikambana amin'izao fotoana izao tahaka ny nataontsika tamin'ireo Olomasina Anglisy sy

l'Église pour les saints anglais et gallois dont j'ai parlé. J'ai beaucoup aimé le discours de Gerrit W. Gong lors de cette session, où il nous a enseigné que personne ne devait rester seul, que ce soit émotionnellement ou spirituellement.

Notre devoir sacré est d'accepter et d'accueillir les nouveaux membres et ceux qui reviennent à l'Église. Tandis que le Seigneur hâte son œuvre, nous devons aimer, nourrir et servir les personnes qui acceptent son Évangile. Nous pouvons contribuer à l'édification d'un peuple de Sion là où nous sommes « d'un seul cœur et d'un seul esprit, et [demeurer] dans la justice». Pour être un avec le Seigneur, nous devons être un devant le Seigneur. Tous les membres, quelle que soit leur date de baptême, partagent la responsabilité d'accueillir les autres.

Mon conseil aux membres de l'Église est que nous prenions dans nos bras ces précieux élus qui ont accepté l'Évangile de Jésus-Christ.

Gordon B. Hinckley, ancien président de l'Église, nous a enseigné que les nouveaux convertis ont besoin « d'un ami, d'une responsabilité et d'être nourris de 'la bonne parole de Dieu' ». Nous pouvons nous montrer amicaux envers ces nouveaux convertis et les assurer qu'ils ne sont pas simplement des invités, mais qu'ils ont toute leur place à l'église. Nous pouvons les aider à comprendre qu'ils sont des disciples de Jésus-Christ qui peuvent servir les autres et accepter des appels à servir. Les jeunes convertis devraient envisager de faire une mission à plein temps. Tous doivent être déterminés à s'efforcer de vivre de manière chrétienne.

Beaucoup se joignent à l'Église au prix de grands sacrifices personnels et ont désespérément besoin de l'amour et du soutien des autres membres.

Pour ceux d'entre vous qui sont nouveaux ou qui reviennent à l'Église, il se peut que vous rencontriez des difficultés. Soyez patient avec vous-même. Les missionnaires vous ont enseigné la doctrine essentielle et vous ont expliqué les alliances et les ordonnances du royaume qui sont énoncées dans les Écritures et dansPrêchez mon Évangile.

Il est essentiel de recevoir les ordonnances et les alliances, et de respecter les commandements. Concentrez-vous sur les alliances nécessaires à l'exaltation. L'Évangile rend l'exaltation possi-

Gallois izay nofariparitako teo amin'ny tantarantsika tany am-boalohany. Tiako ny lahatenin'ny Loholona Gerrit W. Gong tamin'ity fivoriana ity izay nampianarany antsika fa tsy misy olona tokony hipetraka irery na ara-pihetseham-po izany na ara-panahy.

Ny adidintsika masina dia ny manaiky sy mandray ireo mpikambana vaovao sy ireo izay miverina. Eo am-panafainganan'ny Tompo ny asany, dia tokony hitia sy hikolokolo ary hanompo ireo izay manaiky ny filazantsarany isika. Afaka manampy amin'ny fananganana vahoakan'i Ziona isika, izay "iray fo sy iray saina, [m]iaina [a]mim-pahamarinana"isika ao. Mba ho iray amin'ny Tompo, isika dia tsy maintsy iray eo anatrehan'ny Tompo.Ny mpikambana rehetra, na inona na inona daty nanaovana batisa azy, dia samy manana andraikitra handray ny hafa.

Ny torohevitro ho an'ny mpikamban'ny Fiangonana dia ny hamihinantsika ireo olom-boafidy sarobidy izay nanaiky ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ireo.

Nampianatra antsika ny Filoha Gordon B. Hinckley fa ny mpikambana vaovao dia mila "namana, andraikitra ary fivokisana amin'ny -teny soan' Andriamanitra- (Môrônia 6:4)."Afaka ny ho isan'ireo namana ireo isika izay manome toky ireo mpikambana vaovao ireo fa manana ny toerany izy ireo ary tsy vahiny fotsiny. Afaka manampy azy ireo isika hahatakatra fa mpianatr'i Jesoa Kristy izy ireo izay afaka manompo ny hafa sy manaiky ireo antso hanompo. Tokony hieritreritra ny hanao asa fitoriana amin'ny fotoana feno ireo zatovo vao niova fo. Tokony ho vonona hiezaka hanana fiainana araka an'i Kristy ny rehetra.

Maro no lasa mpikamban'ny Fiangonana niaraka tamin'ny fahafoizan-tena lehibe sy tena mila fitiavana sy fanohanan'ireo Olomasina namany.

Ho anareo izay vaovao na miverina amin'ny finoana, misy olana mety hatrehinareo. Manàna faharetana amin'ny tenanareo. Ireo misiônera dia nampianatra anao ny fotopampianarana manan-danja ary nanazava ireo fanekempihavanana sy ôrdônansin'ny fanjakana izay voalaza ao amin'ny soratra masina sy ao amin'nyTorio ny Filazantsarako.

Tena ilaina ny fandraisana ireo ôrdônansy sy fanekempihavanana ary ny fiainana ireo didy. Mifantoha amin'ireo fanekempihavanana ilaina amin'ny fisandratana. Ny filazantsara dia maha-

ble, ce qui nécessite de contracter des alliances sacrées avec Dieu et de les respecter. À l'exception du baptême, de la confirmation et, pour les hommes, de l'ordination à la Prêtrise de Melchisédek, les alliances que nous contractons sont accomplies dans le temple. Pour les personnes décédées, chacune de ces ordonnances salvatrices n'est accomplie que dans le temple. Par conséquent, votre préparation pour le temple devrait être votre objectif immédiat.

Vous aurez parfois l'impression de ne pas être à la hauteur de ce que vous savez. La connaissance de l'Évangile est une grande bénédiction que l'on obtient progressivement au fil du temps, mais ce n'est pas une ordonnance salvatrice. L'Évangile n'est pas un contrôle de connaissances. Cependant, le président Nelson a fait cette promesse : « Si vous étudieztous les joursle Livre de Mormon en vous aidant de la prière, vous prendreztous les joursde meilleures décisions. […] Si vous méditez sur ce que vous étudiez, les écluses des cieux s'ouvriront et vous recevrez des réponses à vos questions et des indications pour guider votre vie. »

De plus, le programme d'étude de l'Église pour les réunions du dimanche couvre, chaque année et à tour de rôle, l'Ancien Testament, le Nouveau Testament, le Livre de Mormon, et les Doctrine et Alliances. Au fil du temps, à mesure que votre connaissance de l'Évangile grandira, vous acquerrez de plus en plus d'assurance. L'étude régulière des Écritures sera une bénédiction qui enrichira votre vie en approfondissant votre conversion à l'Évangile de Jésus-Christ.

L'apprentissage de la doctrine pure de Jésus-Christ est une quête permanente, tant pour la comprendre que pour mener une vie chrétienne. Les alliances essentielles fournissent un cadre que nous appelons le chemin des alliances. Le président Nelson a enseigné ces principes avec puissance. Tous les membres, en particulier les nouveaux membres et ceux qui reviennent à l'Église, seront bénis s'ils étudient et suivent ses messages prophétiques sur les alliances et le chemin des alliances.

tonga ny fisandratana ho tanteraka, izay mitaky ny fanaovana sy fitandremana ireo fanekempihavanana masina amin' Andriamanitra. Ankoatra ny batisa sy ny fandraisana ho mpikambana ary ny fanomezana ny Fisoronana Melkizedeka ho an'ny lehilahy, dia tanterahina any amin'ny tempoly ireo fanekempihavanana ataontsika. Any amin'ny tempoly ihany no anatanterahana ny tsirairay amin'ireo ôrdônansin'ny famonjena ireo ho an'izay efa nodimandry. Noho izany, ny fanomanana ny tenanao ho any amin'ny tempoly dia tokony ho tanjona tsy misy hatakandro.

Hahatsiaro ho tsy ampy fahalalana ianao indraindray. Ny fahalalana ny filazantsara dia fitahiana lehibe azo tsikelikely rehefa mandeha ny fotoana, saingy tsy ôrdônansin'ny famonjena izany. Tsy fitsapam-pahaizana ny filazantsara. Nampanantena anefa ny Filoha Russell M. Nelson hoe: "Rehefa mandalina ombam-bavaka ny Bokin'i Môrmônaisan'androianareo dia handray fanapahan-kevitra tsara kokoa ianareo,isan'andro. … Rehefa misaintsaina ny zavatra halalininareo ianareo dia hisokatra ny varavaran'ny lanitra, ka handray ny valin'ny fanontanianareo sy torolalana ho an'ny fiainanareo ianareo".

Fanampin'izany, isan-taona mifandimbindimby, ny fandaharam-pampianaran'ny Fiangonana amin'ny fivoriana alahady dia miompana amin'ny Testamenta Taloha, ny Testamenta Vaovao, ny Bokin'i Môrmôna ary ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana. Rehefa mandeha ny fotoana dia hahatsapa ho matoky tena kokoa ianao rehefa mitombo ny fahalalanao momba ny filazantsara. Ny fandalinana tsy tapaka ny soratra masina dia hitahy sy hanatsara ny fiainanao amin'ny alalan'ny fampiorenam-paka ny fiovam-ponao amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.

Ny fianarana ny fotopampianaran'i Jesoa Kristy madio dia fikatsahana atao mandritra ny androm-piainana, sady amin'ny fahatakarana fotopampianarana no amin'ny fananana fiainana tahaka ny an'i Kristy. Ireo fanekempihavanana ilaina atao dia manolotra rafitra fanohanana izay antsointsika amin'ny hoe lalan'ny fanekempihavanana. Nampianarin'ny Filoha Nelson taminkery ireo fitsipika ireo. Ny mpikambana rehetra, indrindra fa ireo vaovao sy ireo izay miverina mazoto indray, dia hotahiana amin'ny alalan'ny fandalinana sy fampiharana ireo hafatry ny mpaminany momba ny fanekempihavanana sy

Si vous vous fixez le but de recevoir dignement chaque alliance nécessaire à l'exaltation, vous serez sur le chemin qui mène au royaume céleste. Le temple et ses ordonnances doivent être notre priorité. La plupart des alliances sont accessibles à chacun. L'une d'elles, le mariage éternel, implique d'unir vos efforts à ceux d'un conjoint. Notre but doit être de trouver ce conjoint éternel.

Mais ne vous découragez pas si le mariage éternel n'est pas possible pour le moment. Les prophètes ont enseigné qu'aucune bénédiction ne sera refusée aux membres fidèles qui respectent les commandements. Un prophète du Livre de Mormon, le roi Benjamin, l'a dit d'une très belle manière : « Ceux qui gardent les commandements de Dieu […] sont bénis en tout […], et s'ils [sont fidèles] jusqu'à la fin, [ils peuvent] demeurer avec Dieu dans un état de bonheur sans fin. »

Vous constaterez, si ce n'est pas déjà fait, que les membres ne sont pas parfaits. La doctrine révélée dit clairement que pendant notre séjour ici-bas, nous ferons des erreurs. Nous vivons dans un monde imparfait et déchu, et non dans un monde céleste. Cette vie est une période de mise à l'épreuve, avec des occasions constantes de se repentir et de faire ses preuves.

Aucun de nous ne se sent à la hauteur dans ses efforts pour devenir semblable à Jésus-Christ. Son expiation nous permet de nous repentir quotidiennement lorsque nous échouons. Comme l'a dit Néphi, un autre prophète du Livre de Mormon : « [Nous devons] marcher résolument, avec constance dans le Christ, ayant une espérance d'une pureté parfaite et l'amour de Dieu et de tous les hommes ; C'est pourquoi, si vous marchez résolument, vous faisant un festin de la parole du Christ, et persévérez jusqu'à la fin, voici, ainsi dit le Père : Vous aurez la vie éternelle. »

Lorsque nous réfléchissons aux difficultés de notre époque, nous devons nous rappeler que

ny lalan'ny fanekempihavanana.

Raha toa ianao ka mametraka tanjona handray amim-pahamendrehana ny fanekempihavanana tsirairay ilaina amin'ny fisandratana, dia ho eo amin'ilay lalana mitondra mankany amin'ny fanjakana selestialy ianao. Ny tempoly sy ny ôrdônansin'ny tempoly no tokony hifantohantsika. Ny ankamaroan'ny fanekempihavanana dia azon'ny tsirairay raisina. Ny fanekempihavanana iray, dia ny fanambadiana mandrakizay izany, dia mitaky ny fampiraisana ny ezaka ataonao amina mpiray dia iray hafa. Ny tokony ho tanjontsika dia ny hahita izany mpiray dia mandrakizay izany.

Na izany aza, aza kivy raha toa ka tsy ho amin'izao fotoana izao ny fanambadiana mandrakizay. Nampianatra ny mpaminany fa tsy hisy fitahiana hosakanana amin'ireo mpikambana mahatoky izay mitandrina ireo didy. Ny mpaminany iray ao amin'ny Bokin'i Môrmôna, ny Mpanjaka Benjamina, dia nilaza izany tamin'ny fomba mahafinaritra hoe: "ireo izay mitandrina … ny didy dia tahina amin'ny zava-drehetra, … ary raha mitoetra ho mahatoky hatramin'ny farany izy ireo dia raisina … ao amin'ny toetry ny fahasambarana tsy mifarana na oviana na oviana miaraka amin' Andriamanitra".

Raha tsy mbola hitanao izany, dia ho hitanao fa tsy tonga lafatra ny mpikambana. Ny fotopampianarana nambara dia milaza mazava fa mandritra ny fivahinianantsika eto an-tany dia hanao fahadisoana isika. Miaina ao anatin'ny tontolo tsy lavorary sy lavo isika fa tsy tontolo selestialy. Fotoam-pitsapana ity fiainana ity, miaraka amin'ny fahafahana tsy tapaka hibebahana sy hitsapana ny tenantsika.

Mahatsiaro ho tsy ampy fahaizana isika rehetra rehefa miezaka ny ho tonga tahaka an'i Jesoa Kristy. Ny Sorompanavotany dia mamela antsika hibebaka isan'andro rehefa lavo isika. Araka ny nolazain'i Nefia, mpaminany iray hafa ao amin'ny Bokin'i Môrmôna: "Tsy maintsy mibosesika handroso amin'ny fiorenana ao amin'i Kristy ianareo, amin'ny fananana fanantenana mamirapiratra sy lavorary omban'ny fitiavana an' Andriamanitra sy ny olon-drehetra. Koa raha mibosesika handroso ianareo ka mivoky amin'ny tenin'i Kristy ary maharitra hatramin'ny farany, dia indro, izao no lazain'ny Ray: Hahazo ny fiainana mandrakizay ianareo".

Rehefa mandinika ireo fanamby amin'izao androntsika izao isika dia tsy maintsy mahatsiaro

le Sauveur, pendant son ministère terrestre, a également vécu à une époque agitée et violente. Il ne se concentrait pas sur les difficultés politiques de l'époque ; il s'occupait du perfectionnement des saints.

Il n'a jamais été facile de suivre le Sauveur, sa doctrine et ses enseignements dans un monde constamment en tumulte. Les choses n'étaient pas faciles pour le Sauveur dans le monde et l'époque instables où il a vécu, elles ne l'étaient pas davantage pour nos premiers dirigeants et membres, et elles ne le sont pas davantage pour nous. Heureusement, les prophètes d'aujourd'hui nous guident selon les besoins particuliers de notre époque. Le président Oaks poursuivra cet héritage spirituel puissant.

Je témoigne que la doctrine de l'Église de Jésus-Christ est éternelle et vraie. Je témoigne avec certitude que Jésus-Christ vit et que, grâce à son expiation, nous pouvons être un avec lui. Au nom sacré de Jésus-Christ. Amen.

fa niaina tao anatin'ny fotoan-tsarotra sy feno herisetra koa ny Mpamonjy nandritra ny asa fanompoany teto an-tany. Tsy ny olana ara-pôlitika tamin'izany andro izany no nifantohany; fa ny fanatanterahana ny Olomasina.

Tsy mora mihitsy ny fanarahana ny Mpamonjy sy ny fotopampianarany ary ireo fampianarany ao anatin'izao tontolo izao izay mikorontana tsy an-kijanona. Tsy mora ho an'ny Mpamonjy izany tao amin'ny tontolo mikorontana nandritra ny fivahinianany teto an-tany, tsy mora tamin'ireo mpitarika sy mpikambana tany am-boalohany izany, ary tsy mora ho antsika izany. Soa ihany fa manome ny fitarihana izay ilaintsika manokana amin'izao androntsika izao ireo mpaminany velona. Hanohy izany lova mahery vaika ara-panahy izany ny Filoha Dallin H. Oaks.

Mijoro ho vavolombelona aho fa ny fotopampianaran'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy dia mandrakizay sy marina. Mijoro ho vavolombelona azo antoka sy tena misy aho fa velona i Jesoa Kristy ary noho ny Sorompanavotany dia afaka ny ho iray Aminy isika.Amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena.